

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Fanafody ho an'ny Fandavana

Niaritra ny fandavana antsika i Jesosy mba hahazoantsika ny fankasitrahana Azy eo anatrehan'ny Ray.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Mino aho fa ny vokatra voalohany amin'ny fandavana dia ny tsy fahafahana mandray na mampita fitiavana. Tsy misy amintsika afaka mampita fitiavana raha tsy efa nahazo fitiavana aloha. Io hevitra io dia nataon’i Jaona ao amin’ny Testamenta Vaovao, rehefa nanoratra hoe:

> “Isika tia, satria Izy efa tia antsika taloha.” (1 Jaona 4:19)

Tsy mino aho fa misy olona afaka mitia raha tsy efa tiana aloha izy.Noho izany, Tsy afaka mampita fitiavana àry ny olona mbola tsy tiana.

Ny vokatra faharoa amin'ny fandavana dia ireo fomba telo lehibe iheveran'ny olona ny fandavana: voalohany, misy ny olona manaiky; faharoa, misy ilay olona mitana; ary fahatelo, misy ilay olona miady. Ireo fomba telo hanehoana ny fandavana ireo dia manana zavatra iray itovizana. Ny tsirairay dia miaro tena, manolotra fomba iray hanafenana ny ratra. Tsy misy amin'izy ireo no vahaolana tsara. Manana vahaolana tsara anefa, Andriamanitra.

Ao amin’ny Isaia 61:1, isika dia mahita fampanantenana izay tanteraka tamin’ny fiavian’i Jesosy Mesia:

> "Ny Fanahin'i Jehovah Tompo no ato amiko, satria Jehovah efa nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny mpandefitra, efa naniraka Ahy hahasitrana* ny torotoro fo Izy, ary hitory fanafahana amin'ny babo sy hamoaka ny ao an-trano-maizina ho amin'ny mazava.”

Ho fahatanterahan'io teny fikasana io, dia nanome fanafody ho an'ny fandavana Andriamanitra. Tonga amintsika amin’ny alalan’i Jesosy sy ny hazo fijaliana izany. Ny tanjona mandrakizain’Andriamanitra, na dia talohan’ny nahariana aza, dia ny hahatonga antsika ho Zanany—Zanany lahy sy Zanany vavy. Rehefa nitondra ny fahotantsika Jesosy ka

© 2008 - Dries Du Plessis

niaritra ny fandavana antsika, dia nanokatra ny lalana ho amin’ny faneken’Ilay izay tena manan-danja tokoa ny fanekena antsika Izy.

Misaotra Anao, Jesosy ô, noho ny Asanao teo amin’ny hazo fijaliana. Manambara aho fa miala amin'ny vokatry ny fandavana aho, ka mandray ny fanafodin'Andriamanitra ho ahy ao amin'i Jesosy Kristy Mesia. Manambara aho fa niaritra ny fandavako i Jesosy mba hananako ny Fanekeny amin’ny Ray, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-142-MLG
Nohavaozina farany: 09 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

